

FANAMBARANA MOMBA NY FOTOTRA FOLO TAKIAN'NY TENIN'ANDRIAMANITRA AMIN'NY ASA FANOMPOANA AN'ANDRIAMANITRA.

Fampianarana nomen'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny tsindrimandry izao zaraina amintsika izao. Fiaraha-mandinika Soratra masina mivantana nitohitohy nandritra ny andro maro. Mahagaga fa toy ny efa fantatra ihany ireo, kanefa nohalalinina kokoa ary mampianatra zavatra maro tsara hotanterahina mba handrosoana amin'ny asa fanompoana. Fito (7) no nozarainay teo am-boalohany, nefa Folo (10) no tsaroanay tsara tamin'ireo teny fototra nampitaina taminay, ary notanana an-tsoratra mba ho azo zaraina amin'ny maro. Mampahatsiaro ny «NY TENY FOLO» na mahazatra kokoa antsika hoe «NY DIDY FOLO» nomena an'I Mosesy tao an-tendrombohitra. Misy lanjany manokana ny isa folo, satria mampahatsiaro ny rantsan'ny tanana roa enti-mandray sy manainga zavatra izany. Ny folo no isa feno voalohany ho antsika olombelona.

Ireto ireo fanambarana momba ny fototra folo ireo:

-Mihaino - Mijery - Mamaky - Miteny- Mino - Mitia- Mivory –Midera- Masina- Marina-

1. MIHAINO: lo no nandikana ny teny hebreo שמע. (**SÂMĀ'**)

Eto amin'izao tontolo izao, ny fiaraha-monina misy antsika ankehitriny anjakan'ny «fiaraha-monin'ny mpanjifa» (société de consommation) dia mametraka antsika amin'ny fiatrehana tolona ho amin'ny fahavelomana, ka samy miezaka hiaroka ny tombontsoany sy mikombona ao amin'ny manodidina azy akaiky ny isambatan'olona (individu). Manjary mihamaivana ny fifaneraserana sy fifampizarana (de moins en moins apte aux relations humaines), fa araka ny fitenintsika malagasy, hoe:«samy mandeha, samy mitady»). Fikirina koa izay efa fantatra, heverina ho traikefa mahomby, araka ilay fiteny, hoe:«*aza miala amin'ny mahazatra*». Fa ankoatra izay efa fanaony mahazatra azy eo amin'ny fiainany andavanandro, matetika dia te hiteny foana ny olona, te hilaza izay tiany holazaina, na dia tsy azon'ny olona akory aza indraindray ny tena zava-kendreny. Tonga fomba anehoana ny fisiana ny miteny (Parler est devenu une façon d'exister). **Tsy te hisahirana koa ny maro handalina izay renesin'ny sofiny, fa samy revo amin'ny maharevo azy.** Ny foto-pisainana novoizin'ny mpandalina eken'ny maro ka tonga fanoitra tamin'ny fikarohana ara-tsaina niteraka famoronan-javatra sy fivoarana, dia ny hoe «*ny fisainana no mampisy ahy*» (*je pense donc je suis*) ; fa efa mila hiova izany nanjary hoe «*ny fitenenako no mampisy ahy*» (*je parle donc je suis*). **Aza adinoina fa ny resaka sy fifaneraserana atao amin-kitsimpo dia tsy misaraka na oviana na oviana amin'ny finjavana sy ny fetezana mba hihaino ny hafa.** Mila hianarana ny fahaiza-mihaino. Mihaino ny Tenin'Andriamanitra, fa tsy manova ny tenin'Andriamanitra hifanaraka amin'ny saina amam-pahalalantsika. Aza adinoina fa baiko nomen'Andriamanitra ny Zanak'Israely hatrany am-piandohana ny hoe : «Mihainoa sy Israely...» *Deuteronomia 4, 1 ; 6, 4*. Ny fahaiza-mihaino dia mialoha ny fahaizana mankato izay ambara :«*Aoka ianareo ho mpanatanteraka ny tena, fa tsy ho mpihaino fotsiny, ka mamita-tena. Satria raha misy olona mpihaino ny teny, nefa tsy mpanatanteraka, dia tahaka ny mijery ny tarehiny ao anaty fitaratra: eny, mahita ny tena endriny izy, dia lasa ka hadinony miaraka amin'izay ny toe-tarehiny*» *Jakoba 1, 22-24*. Tsy mahagaga raha averimberina foana io fitakiana fihainoana io, indrindra fa amin'ny bokin'ny Lalàna sy ny Tononkira ary ny Mpaminany. Joba dia niangavy mafy ireo sakaizany tonga hampionona azy hoe : «Mba henoy tsara izay lazaiko, fa

izany no hampiononanareo ahy. Mandefera amiko mba hahazoako miteny; fa rehefa tapitra ny teniko, dia afaka mananilahany ianareo» Joba 21, 2-3 . **Ny fahaiza-mihaino dia manao ezaka mba hahafantatra ny tian'ny hafa hambara fa tsy mitady ny hamaly azy** (*Savoir écouter, c'est faire un effort pour comprendre ce que l'autre veut dire, mais non pas chercher à lui répondre*). Tena loharanon'ny tsy fahombiazana amin'ny asa fanompoana ny tsy fahaiza-mihaino. Raha mivavaka isika dia mangataka ami'Andriamanitra hihaino antsika, fa isika koa tsy maintsy miezaka hihaino. Fa hoy Jakoba: «Aoka ianareo ho mpanatanteraka ny teny, fa tsy ho mpihaino fotsiny, ka mamita-tena. Satria raha misy olona mpihaino ny teny, nefa tsy mpanatanteraka, dia tahaka ny mijery ny tarehiny ao anaty fitaratra: eny, mahita ny tena endriny izy, dia lasa ka hadinony miaraka amin'izay ny toe-tarehiny.» Jakoba 1, 22-24

2. MIJERY Manana hevitra hoe mijery (voir), manome lanja (considérer), mandinika (examiner), mikarakara (avoir soin), maminavina (envisager) ny

RÂ'ĀH, teny hebreo hoe **ראה**

Mahay mijery tsara ny zava-misy (réaliste) fa tsy be famaritra, ary tsy mikendry hanao asa arahim-pizahozahoana (éviter une activité triomphaliste).

Hagara, mpanompovavn'i Saraha izay nomeny hovadin'i Abrahama raha efa nihevitra ny tsy hiteraka intsony izy fa momba, kinanjo noroahiny Hagara nony bevohoka. Fa Andriamanitra namindra fo tamin'i Hagara ka niteny taminy, ary Hagara (izay razamben'ny Arabo) niresaka tamin'ny anjelin'ny Tompo Andriamanitra: « Miverena any amin'ny tompovavinao, ka maneke ny fahefany. Homen'ny TOMPO taranaka marobe tsy tambo isaina ianao. Indro efa bevohoka ianao, ka hiteraka zazalahy; ary ny anarany hataonao hoe Jismahela, satria nohenoin'ny TOMPO* ny fitarainanao. Ho toy ny boriky tsy folaka ny zanakao, ary hiady amin'ny olona rehetra sy hiadian'ny olona rehetra izy, nefa dia hitoetra misintaka amin'ny rahalahiny rehetra. Dia hoy i Hagara anakampo: **Moa nahita marina ilay mahita ahy ve aho!** Ary dia nomeny ny TOMPO izay niteny taminy izao anarana izao: Ianao no ilay Andriamanitra mahita ahy. » Genesisy 16, 9-13 . Tsaroana avy hatrany koa ilay lehilahy jamba nanontanian'i Jesoa: «Mahita ve ianao? Nitraka ralehilahy sady namaly hoe: Mahita aho, indreny ny olona fa tahaka ny hazo no ahitako azy, saingy izy mandehandeha. Dia nametrahana'i Jesoa tanana fanindroany ny masony; ary nahitraty ralehilahy ny masony ka sitrana, ary dia nazava tsara no nahitany ny zavatra rehetra.» Marka 8, 23-25. Tsy vitsy amintsika no tsy mahita tsara, kanefa mihevitra ho mahita. Mila fitsaboana avy amin'ny Tompo izany. Ezahina sorohina amin'izany ny henatra amin'ny tsy fahavitana ny tokony hatao sy ny fireharehana amin'ny kely mba vita. « Zarazaraina ho samihafa ny fanomezam-pahasoavana» ary samy mikendry ny hanehoana ny voninahitr'Andriamanitra avokoa izany. *Ezahina ny hametraka ny tsirairay eo amin'ny andraikitra sahaza azy, ka amin'ny zavatra rehetra, ny kristiana dia fehezin'ny fitiavana sy ny fanahin'ny fifandefarana* (charité et esprit de tolérance). Ny fahaiza-mijery dia mahatonga fitalanjonana (emerveillement), satria mampahafantatra antsika fa be ny zavatra mbola tsy fantantsika na azontsika veroka akory ny tena endriny. Izay no nahaloha-bolana ny mpanao Salamo hoe: « Raha jereko ny lanitra asan-tananao sy ny volana aman-kintana napetrakao eny, dia mba inona moa ny olombelona no tsarovanao, sy izay zanak'olombelona no karakarainao ? » Salamo 8. 4-5.

3. **MAMAKY TENY:** Io no nandikana ny teny hebreo hoe קָרָא (QĀRĀ'), manana hevitra hoe miantso mafy (crier), miantso miangavy (implorer), manambara (proclamer), mampiseho hevitra (publier), milaza zavatra (annoncer).

Tsy mamaky teny **mijery** amin'ny maso fotsiny toy ny famakian-teny mahazatra ny maro amintsika izany fa **tena miteny mihitsy toy ny fanao ao am-piangonana**. Na ny tsindrimpeo, na ny mari-tsoratra, na ny ngadona dia samy milaza hevitra avokoa. Ny tsy fahaizana mamaky teny tsara dia manova ny tian-kambara. Fa **ny famakianteny dia mitaky fifehezana, fizarana tsara, fitozoana. Fa ny famakianteny koa dia manambara fizarana amin'ny hafa**, satria tsy maintsy misy mihaino. Izany no nahatonga ny apôstôly Paoly nanafatrafatra mafy an'i Timoty zanany hoe: «Mandra-pahatongako, dia mahavara tsara mamaky ny Soratra Masina sy mampirisika ary mampianatra.» 1 Timoty 4, 13.

Fa teny kely tokony hampieritreritra mafy izay mangetaheta te hanana firaisana marina amin'Andriamanitra ny teny nosoratan'i Petera ao amin'ny taratasiny, hoe : «**Izao anefa voalohany indrindra no tsara ho fantatrareo: ny fivoaboasana ny teny faminaniana rehetra raketin'ny Soratra Masina dia tsy efan'ny fisainan'ny olona fotsiny ihany; satria na oviana na oviana tsy nisy faminaniana avy tamin'ny sitrapon'ny olona, fa avy tamin'Andriamanitra no nitenenan'ny olona izay nentanin'ny Fanahy Masina.**» II Petera 1, 20-21

Efa betsaka ny olona namaky ny Baiboly, kanefa tsy nahita fiainana tao, ary «tsy nahita maminy». Tsy vitsy ny mianatra mandalina teôlôjia any amin'ny Faculté de Théologie, kanefa tsy mino, ary misy aza milaza fa mamaky baiboly isan'andro sy imbetsaka tokoa, kanefa tsy nahita afa-tsy porofon'ny maha rediredy azy! Misy olona anankiray fanta-daza eo amin'ny sehatra misy azy, kristiana ihany tany aloha fa tonga tsy mpino tato aoriana, ary nasiany soratra mivandravandra eo amin'ny takila voalohany amin'ny baiboliny, hoe «Ny Baiboly famitahana ny bado rehetra!» Saingy soa fa efa nisy koa olona, toa an'i Lotera izay nifanena tamin'ny andinin-tSoratra masina tokana (Romana 1, 17), dia niova tanteraka tao amin'ny tenany ka nahita fahasambarana be ary nanova ny Fiangonana iray manontolo.

Avy aiza re ny fahasamihafan'ireo mpamaky karazany roa ireo ? Mety ho avy amin-javatra maro toy ny kolontsaina nananany avy angamba, na avy amin'ny foto-kevitra nijoroany, na koa avy amin'ny fanoitra (motivation) nanosika azy hamaky ny Soratra Masina. Izay azo antoka kanefa dia ity : **ny anjara toeran'ny Fanahy Masina tamin'ny famakiany ny Soratra Masina** no nampody ilay Soratra ho «**masina**» (izany hoe manana hasina, hery), na ho Soratra «**mahafaty**» (mainka koa mampanalavitra sy mampisarakana amin'Andriamanitra)!

Satria ny Fanahy masina no «nitondra» ireo nanoratra ny Soratra Masina, dia Izy koa no mitondra izay mamaky azy vao feno ny heviny sy ny heriny! Ary misy hosaintsainina izany, eo amin'ny famakiantika ny Soratra Masina, na manokana, na miaraka any an-tokantrano, ary indrindra ao am-piangonana. Fa **ny fanekentsika hotarihin'ny Fanahy Masina amin'ny famakiana ny Soratra Masina dia asehontsika amin'ny VAVAKA atao amin'ny fo mangetaheta fahamarinana**. Fa hoy ny apostoly Paoly manazava hoe : «**Raha samy olombelona izao, dia ny fanahin'ny olona ao anatiny ao ihany no mahalala izao ao am-pon'ilay olona; ary toy izany koa, ny Fanahin'Andriamanitra ihany no mahafantatra izay ao am-pon'Andriamanitra. Raha izahay, dia tsy nandray ny fanahin'izao tontolo izao fa ny Fanahy avy amin'Andriamanitra, mba hahalalanay ny tombon-tsoa rehetra efa nomen'Andriamanitra anay.**» I Korintiana 2, 11-12. Impiry moa isika, rehefa hamaky ny Baiboly, no alaim-panahy tsy mivavaka akory mangataka ny fitarihan'ny Soratra Masina? Na mivavaka ihany fa zavatra hafa no laharam-

pahamehana ao amin'ny Vavaka tononintsika. Mety vakantsika amin'ny fieritreretana tsara ny Baiboly, saingy tsy ampy izany. Na ny fieritreretana tsara, na ny fikasana tsara, samy tsy misy mahasolo ny fitsilovan'ny Fanahy Masina izany! Misy Vavaka fangatahana Fahazavana (Prière d'Illumination) voarafitra ao anaty Litorjantsika, kanefa dia mbola torapo ihany matetika no ataon'ny olona ao. Mila fanavaozana ny toe-tsaina sy ny fiainam-panany. **Toa adino mihitsy fa resaka ifamaliana ny Tenin'Andriamanitra sy ny Vavaka** : rehefa vakina ny Baiboly ary torina ny Tenin'Andriamanitra = *miteny amintsika Andriamanitra*; rehefa mivavaka kosa isika: *miteny mamaly resaka an'Andriamanitra isika olombelona*. Toa hadino tokoa izany ka zary resaka hafa no ambaran'ny Tompo ao amin'ny teniny ; ary resaka hafa tsy misy ifandraisany mihitsy amin'izay lazainy no avalintsika Azy rehefa mivavaka. Tena odiansika tsy re matetika ny Azy, fa ny mahamaika antsika ihany no asesintsika ! Rehefa mihaino ny vavaka ataon'ny olona maro, izay matetika amin-kafaampo sy toa faharesen-dahatra tokoa ka mitalaholaho sy lava ary miverimberina foana tahaka ny horonampeo ny hoe "Jesosy ô", voaresaka avokoa izao mahatery sy katsahina rehetra izao, afa-tsy ilay nasian'Andriamanitra resaka manokana teo amin'ny Teny novakiana sy izay notoriana tamintsika!!!

Ao anaty Litorjia ny Vavaka alohan'ny vakiteny, fa tsy voatery hanafoana ny Vavaka aorian'ny Vakiteny izany, na fara-faharatsiny hiavaka tsara ao amin'ny Vavaka Fisaorana sy Fangatahana mahazatra antsika. Tokony hifanaraka tsara amin'ny Teny novakiana sy notoriana ny vavaka atao, koa *tsy maintsy nihaino tsara ireo izay voatendry hivavaka*, na manomana *mamaky mialoha mihitsy ny Tenin'Andriamanitra voalahatra hovakiana* mba hahitany ny tonombavaka tononiny, ankoatra izay fangatahana hafa rehetra tokony hatao amin'Andriamanitra.

Ny mba hahazantsika mivavaka sy hifehezantsika tena hihaino izay ambaran'ny Tenin'Andriamanitra amintsika, hoy Pasteur IRAKO ANDRIAAHAZOSOA Ammi, no ivavahantsika hoe: « **Avia Fanahy Masina ô, havaozy ny fomba famakianay ny Soratra masina, mba hahatonga ny Teninao** hisy akony tokoa eo aminay.»

4. **MITENY**: Amin'ny Hebreo dia misy matoanteny roa ampiasaina mba hilazana ny hoe miteny.

Ny teny voalohany dia fiteny mahary, mamelona. Manana hevitra hoe milaza (dire), miteny na mivölana (parler), mandamina (ordonner), ary mety koa hoe misaina (penser) lo no nentin'Andriamanitra nahary izao tontolo izao. **'ÂMÂR** no ilay Teny tonga nofo: **אמר**

Fa misy koa ny teny hifampiresahana.: **DÂVÂR**. Mety ho milaza hevitra tsara, toy ny hoe mampionona (cf. Genesisy 34, 3; 50, 21), kanefa koa indraindray mety handratra fo, ka manana hevitra, araka ny fampiasana azy, ho mifosa na milaza ratsy ny namana (cf. Nomery 12, 1), mampiteny na manafatra (cf. 1 Samoela 25, 39), manapotika (cf. Salamo 2, 5) **דבר**

Ao an-tsaintsika ny teny ao amin'ny taratasin'i Jakoba hoe: «Eny, diso amin'ny zavatra maro isika rehetra; fa raha misy olona tsy diso mihitsy amin'ny teny, dia tanteraka izy, ka mahafehy ny tenany manontolo koa. Asiantsika lamboridy ny vavan-tsoavaly mba hanoavan'ny soavaly antsika; ary dia voataritsika ny tenany manontolo. Jereo koa ny sambo: na lehibe aza ireny ka entin'ny rivotra mahery, dia voatariky ny fanamory kely hankany amin'izay itiavan'ny mpanamory hitondrana azy. Dia toy izany koa ny lela: kely izy eo amin'ireo zavatra anisan'ny tena, nefa mirehaka ho mahefa zava-baventy. Saino fa pitik'afo tsy toy inona dia afa-mampirehitra alabe. Tahaka ny afo ny lela: manjary fototry

ny faharatsiana tsy hita lany izy eo anivon'ireo zavatra anisan'ny tenantsika; mandoto ny tenantsika manontolo izy, ka sady mandrehitra afo eo amin'ny fizotran'ny fiainantsika no arehitry ny afo avy amin'ny lohasahan'afo. Folahin'ny olombelona daholo ny karazam-bibidia sy ny karazam-borona mbamin'ny biby mandady amin'ny tany sy ny zavamananaina any an-dranomasina, ary dia voafolany avokoa. Fa tsy misy olombelona na iray aza efa nahafolaka ny lela: zava-dratsy saro-pehezina ny lela sady feno poizina mahafaty. Izy no ankalazantsika an'ilay Tompo sady Ray, ary izy koa no anozonantsika ny olona izay noarina araka ny endrik'Andriamanitra: vava iray ihany no ivoahan'ny teny fankalazana sy fanozonana. Ry havako, tsy mety ny toy izany!» Jakoba 3, 2-10. Sarobidy ny teny, ka anjaran'ny mpanompo ny miezaka mba hiteny mifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra, araka ny lazain'ny taratasy ho an'ny Kolosiana, hoe: «Aoka ho mahatehotia sy mahaso mandrakariva ny teny ataonareo, dia ho fantatrareo izay tokony havalinareo ny olona tsirairay avy.» Kolosiana 4, 6.

Ny fahendren'ny razantsika malagasy dia efa nahay nanavaka tsara fa tsy mitovy velively amin'ny teny manimba sy mamono ny teny mamelona sy mampandroso. Ny olona miteniteny foana tsy am-piheverana dia nataony hoe «basy vava», ary hoy ny oha-teny fampieritreretana fanaony, hoe «teny soa sakafo; vava ratsy adidy». Ny hevitra ny hoe «adidy» amin'izany, avy amin'ny fototeny hoe «didy», manome ny matoanteny «mandidy» midika hoe «mandrasa», dia dia hoe «mandratra». Nahoana tokoa moa isika Kristiana, ao am-piangonana, no tsy mahay mampihatra ny hoe : **«Manehoa fandeferana amin'ny olona rehefa»** Filipiana 4, 4, amin'ny fiainantsika mpino miaramanompo, fa mahagaga tokoa matetika izao zava-misy izao: **mahay miteny sy mivazavaza ny olona rehefa te hampanjaka ny heviny ary mifanandrina amin'izay heveriny ho fahavalony ao am-piangonana, kanefa mangina, na mba miredona ihany fa toy ny mibitsibitsika rehefa hidera sy hankalaza an'Andriamanitra**. Marina tokoa fa tsy Fiangonana be korontana no irintsika, tsy fiangonan'ny olona mitompo teny fantatra ka manizingizina sy milaza fa tsy nahazo ny Fanahy Masina raha tsy miteny amin'ny fiteny tsy fantatra. Tsy izany akory no ilaintsika! Kanefa tokony hekentsika amim-panetren-tena sy amim-pahatsorana fa mangatsiaka loatra mazàna ny fiangonana misy antsika, ary manjaka matetika ny fitiavan-tena. Toa voageja koa isika ka tsy afaka miseho eo anivontsika matetika ny hery maha izy azy ny Fanahy Masina. Ary raha misy aza fotoana tian'ny Fanahy Masina hiasana amin-kery hanova ny fomba fiasa sy ny fomba fijery efa mahazatra antsika, dia mailaka isika hanakana ny heriny sy ny asany amin'ny fiarovana-tena hoe :«sao fanatisma izao», «sao tsy ara-pilazantsara» (araka ny fandikan'ny saintsika fotsiny izay heverina ho «ara-pilazantsara»), «tsy mahazatra izao», «toa manjary tahaka ny fihetsiky ny sekta indray izy izany», «hevitr'i Ranona indray izay», «misy devoly ao», sns... Raha tena dinihina sy antomorina kanefa dia **toa atahorantsika mafy ny hanehoan'ny Fanahy Masina ny heriny fa manakorontana ny fahazarana mandrotsiotsy antsika**, eny, toa manelingelina antsika izy. Mila «teny mamelona» isika, tenin'Andriamanitra mahary antsika ho vaovao indray; fa tsy «teniteny foana mamono» ka misakana antsika tsy hivoatra. Matetika manko dia toa tena tsy mazoto iasan'ny Fanahy Masina isika. Mba hampandrosoantsika ny asa fijoroantsika ho vavolombelona eto amin'izao tontolo izao izay nanirahan'ny Tompo antsika Krsitiana dia **mila fahatsiarovan-tena sy finjavana hanetry tena isika ka hampangina ny hambom-po diso toerana fa hifona sy hangataka amin'Andriamanitra mba hahay miteny araka ny tokony ho izy sy amin'izay ilàna izany**.

5. **MINO** na **MATOKY: (ÂMÂN)**, andikana malalaka ny teny hebreo **יְמִינִי**

Mahazatra antsika ny mamarana ny Vavaka fanaontsika amin'ny ho «Amena», midika hoe «Tena marina tokoa izany», «azo itokisana, tsy isalasalana». Fitenin'i Jesoa matetika ny hoe «Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa...». Amin'ny Dikanteny lombonana amin'ny teny malagasy sy amin'ny Dikanteny vahiny maro dia ampiasainy ny hoe «Amena dia Amena». Manizingizina ny azo antoka sy iadian-kevitra ny Tompo rehefa mampianatra, fa tsy milaza zavatra mampisalasala. Ho antsika mino dia manaiiky tokoa isika fa saro-pantarina ny fikasan'Andriamanitra, kanefa amin'ny finoana dia omen'Andriamanitra fahaizana mizaha toetra ny fanahy samihafa (esprit de discernement) isika rehefa mangataka Aminy. *Tsy hamaivanina mihitsy ny fahaizana amam-pahalalan'ny olombelona, kanefa inoantsika koa fa hain'Andriamanitra ny manome ho an'izay manetry tena sy mivelona amin'ny fiainam-bavaka marina eo anatrehan'ny saina mahatakatra ny zavatra mahasoa, ka mahatonga fandavana izay zavatra tsy mety.* Hoy Jakoba ao amin'ny taratasiny hoe: « Andriamanitra manohitra ny mpiavonavona, fa manome fahasoavana ho an'ny manetry tena » (*Jakoba 4, 6*).

«**Tenan'i Kristy ny Fiangonana**». Voafaritra mazava tsara ao anatin'ny Fanekepinoana apostolika tonontsika isan'Alahady izany Fiangonana izany: «Fiangonana masina manerana izao tontolo izao », ary koa «Fiombonan'ny olona masina» (inoantsika protestanta fa tsy ny efa maty akory no lazaina amin'izany fa ny «mino» sy ireo «tonga zanak'Andriamanitra» noho ny finoana sy firaisana amin'i Kristy) (vakio *Galatiana 3, 26-29*). **Ny Fiangonana mandroso sy mitombo dia tsy izay mitombo amin'ny endrika ivelany araka ny fahitan'ny olona azy, fa ny fandrosoany dia avy ao anatin'ny, vokatry ny fananany tokoa an'i Kristy ho Lohany mibaiko ny fitombon'ny tena rehetra.** Tsy ny fahavoriana olona betsaka hanaraka, na ny fahazoana fananana maro hotehirizina no endriky ny fampandrosoana ny Fiangonana. Raha mbola fisainana sy hevitr'olombelona fotsiny ihany mantsy no manjaka ao amin'ny «fiangonana» dia tsy mbola an'i Kristy izy fa fikambanan'ny olona samy mikatsaka izay mahasoa sy mahafinaritra azy fotsiny ihany. Tsy mahagaga raha misy ny fifampialonana sy ny fifanenjehana ary ny fifampiandanianana, satria samy te ho lohany sy mpitarika daholo, ary samy mikatsaka izay mahasoa sy mahafinaritra ny tena manokana, fa tsy manaiiky ho eo ambany fahefana sy fitarihan'i Kristy.

Misy fampianarana maro nataon'ny Tompo tamin'ny toriteniny tany antendrombohitra mba hosaintsainina lalina sy natao mba hiveloman'ny mpanara-dia Azy (jereo *Matio 6-5-7*).

» Ny famaranan'ny Tompo io fampianarany io, dia ny fanoharana nataony momba ny **«trano naorina teo ambony fasika sy ny teo ambony vatolampy»**. Samy nandaniana fotoana sy fitaovana ary herimpo daholo ny fanorenana ireo trano ireo. Fa ny naorina tsy tamim-pisainana lalina sy fitsinjovana ny ho avy, niainga tamin'ny ara-tsaina sy peta-kevitra fotsiny, dia mora rava raha vao misy tafio-drivotra. Azo heverina ho tahaka izany koa ny fiangonana nentanin'ny hafanampo sy ny fisehoana ivelany fotsiny, fa tsy miorina amin'ny finoana sy ny fahatokiana ny Tenin'Andriamanitra.

6. **MITIA**: misy teny roa andikana ny mitia amin'ny teny hebreo, 'ÂHĀV sy DÔD : ny teny hoe **יְהוָה** sy ny teny hoe **דָּוִד**

Ny tena fitiavana tsy misaraka amin'ny fahatokisana etsy andaniny, ary koa ny fo onena etsy ankilany. Tsy mitovy mihitsy ny fitiavana sy ny fitiavantena, satria ny fitiavana dia natao hitodika amin'ny hafa mandrakariva. Teo amin'ny **tarazo na fomba nahazatra ny kristiana hatrany am-boalohany, ny asa fampandrosoana dia mifamatotra amin'ny**

fiahiana ny marary, ny mahantra sy ny olona an-jorombala (*diaconie associée à la situation des malades, des pauvres et des personnes marginalisées*). Raha hazavaina mivantana kokoa izany dia fiarahana akaiky (*accompagnement*), fanohanana (*soutien*), ary fiarovana (*défense*) ireo olona mora andairan'ny rofy (*les gens les plus vulnérables*). Raha jerena **ny zava-misy ankehitriny** eo amin'ny fiaraha-monina, ny tsapa dia **tsy hoe tsy afa-mandroso sy mahantra ho azy akory ny olona fa nampahantraina** (rendus pauvres, « *empobrecidos* », appauvris). Ny asa rehetra atao ho fampandrosoana sy handresena ny fahantrana dia tsy maintsy mijery izany antony izany akaiky : **zava-misy nateraky ny fiaraha-monina sy ny pôlitika ny fahantrana fa tsy tonga ho azy na toerana tsy fidiny nametrahana ny olona**. Raha maka ohatra ao amin'ny Soratra masina isika, anankiray azo raisina ny Fanoharana nataon'ny Tompo momba ilay **SAMARITANA TSARA FANAHY** (*Lioka 10, 30-35*). Raha mandinika akaiky io tantara io isika dia mahita fa misy dingana nataon'ilay Samaritana tsikelikely tamin'ny nanampiany ilay lehilahy naratra azon'ny jiolahy. Endriky ny asa fampandrosoana ataontsika Kristiana hanmpiana ny hafa izany (diaconie) :

» « **nony nahita azy izy dia onena. Dia nanatona izy... »** (*and. 33-34a*): Dingana voalohany, aorian'ny fahatsiarovana ho **onena** (compassion) dia ny **fanatonana** (s'approcher). Io fihetsika io dia fanehoana **fifanohanana** (solidarité), **fundavana ny tahotra sy rikoriko manoloana ny fahorian'ny hafa** (refus de la crainte et l'apathie devant les souffrances des autres). Fa ny fanatonana dia milaza ihany **koa finiavana mba hijery akaiky, hamantatra ny zava-misy marina sy hahalalana izay tokony hatao** (voir de près ce qui se passe pour savoir ce que l'on doit faire). Betsaka manko ny mpitazan-davitra sy manao vinavina ambony latabatra fotsiny. Mba nanangona akanjo sy nandefa fanampiana ho an'ny kristiana sahirana tany Afrika, hono, ny fiangonana kristiana iray taty Frantsa. Tsy mbola nisy nandeha nahita ny tany an-toerana rizareo fa nieritreritra fotsiny, ary satria vao lasa ny ririnina taty tamin'ny fotoana nanangonana ireo akanjo, dia ny ankamaroan'ny akanjo vao avy nanaovany, na mbola tsy nanaovany akory fa vao novidiny tamin'ny ririnina no nalefany. Ataon'ireo afrikana any amin'ny tany mafana be inona izay akanjoba matevina sy kapaoty mafana (manteaux) volombiby aty. Sady tsy ny akanjo koa no mahamaika azy ireo fa ny hanin-kohanina. Mba nisy fikasana hampandroso ihany, saingy tsy ara-pilazantsara, satria tsy nisy fanatonana akaiky hamantarana ny zava-misy sy hahalalana izay tokony hatao.

» « **nofeheziny ny feriny sady nasiany diloilo sy divay»** (*and. 34b*) : Dingana faharoa dia **fandraisana andraikitra mivantana hanala ny fangirifiriana tsaroan'ny olona eo noho eo** (intervenir pour soulager les besoins immédiats de la personne souffrant), ka **mampiasa ny fitaovana efa misy azo ampiasaina eo am-pelatanana** (se servir des ressources disponibles). Tsarovy fa mofo dimy sy hazandrano roa no nentin'ny Tompo namokisana olona tsy omby dimy arivo. **Ny tsy hahavitan-javatra eo amin'ny asa fampandrosoana matetika dia ny fandanianana andro manao kajy fa tsy miainga amin'izay efa azo ampiasaina eo noho eo**. Tafiditra ao anatin'ny « **antso mamitaka ny amin'ny faniriana haka ohatra amin'ny ataon'ny hafa (faux appel de l'exemple)** » izany : vitan'ny hafa ka tokony ho vita koa, kanefa tsy eo noho eo fa mila fotoana ela, hany ka mandany andro mamisavisa fa tsy vonona ny handroso avy hatrany, ary farany tsy manao mihitsy.

» « **napetrany teo ambonin'ny borikiny izy ka noentiny ho any amin'ny tranombahiny dia nokarakarainy»** (*and. 34d*) : Dingana fahatelo dia ny **famerenana** ilay sahirana **ho ao anatin'ny fiaraha-monina indray** (reintégration dans la société), **fitarihana tsikelikely mba hiverina amin'ny fiainana araka ny tokony ho izy** (retour progressif dans la vie normale).

» « **Ary ny ampitson'iny dia naka vola denaria roa izy ka nomeny ny tompon'ny tranom-bahiny sady hoy izy taminy hoe : Karakara izy ; ary na ohatrinona na ohatrinona no laninao mihoatra noho ireto dia honerako rehefa miverina aho »** (*and. 35*) : Dingana fahefatra dia

fitsinjovana ny ho avy ka ezahina hisy fitohizana ny asa efa natao (souci de la continuité et soutien à long terme si nécessaire).

Tsy ny fananana fotoana ampy hahafahana manao no hahavitan-javatra tsara, fa ny finiavana ombam-pitiavana sy fahaizana mampiasa ny fanomezam-pahasoavana nomen'Andriamanitra (*Ce n'est pas la disponibilité qui rend capable et compétent mais la prise de conscience du don spirituel*). **Rehefa mifofotra amin'ny fiainam-bavaka ny fiangonana dia omen'Andriamanitra mpanompo mahavita sy vonona hanatanteraka ny sitrapon'Andriamanitra.** Ny vokatr'izany tompon'andraikitra mahay sy manana fanomezam-pahasoavana izany dia manjary ahitana eo anivon'ny fiangonana:

① **aina sy hery vaovao ary famoronan-javatra mampandroso mandrakariva** (énergie abondante et une créativité productive). Tsy mitovy ny fomba fiaina nandritra ny indray mihira (génération) nifandimby teto amin'izao tontolo izao. Tany aloha dia natanjaka ny serasera amin-dresaka (communication orale) ; nandimby izany ny serasera amin-tsoratra (communication écrite) ; ny fiaraha-monina ankehitriny dia manandratra ny serasera amin'ny vata maro afisoka (communication par l'informatique/civilisation de l'écran). Mahagaga ny fahaizan'ny olona, hatramin'ny ankizy madinika mampiasa ordinateur sy Iphone. Azo trandrahana hahitana fomba hampandrosoana izany amin'ny lafiny rehetra, eny hatramin'ny ao am-piangonana aza. Fa mila fifehezana kosa mba tsy hanimba ny fifaneraserana mivantana.

② **tompon'andraikitra mahomby satria eo amin'ny toerana sahaza** azy (responsables efficaces car bien à leur place).

7. MIVORY na MIANGONA na MIOMBONA: Voafehy ao anatin'ny teny hebreo **QÂHÂL** izany, קהל

Io teny hebreo io no nadikantsika hoe Fiangonana. Manaiky hiara-miasa amintsika olombelona Andriamanitra, na dia manam-pahefana feno sy mahavita ny zavatra rehetra na dia tsy misy antsika aza Izy. **AZA ADINOINTSIKA NA OVIANA NA OVIANA FA FAHASOAVANA SY FITIAVAN'ANDRIAMANITRA ARY FANOMEZANY VONINAHITRA ANTSIKA NO NIAANTSOANY ANTSIKA HIARA-MIASA HAMPANDROSO NY FIANGONANY SY HANOMEZANY ANDRAIKITRA ANTSIKA.** Na dia misy aza ny olona sasany mety hisandoka ny fitokisan'Andriamanitra, tsy avelan'Andriamanitra tsy hiharihary eny ihany any aoriana, na ho ela na ho haingana ny haratsian'ny fony, fa hoy Jesoa nampitandrina ny mpianany hoe : **«Mitandrema ianareo, fandrao ho voafitaky ny mpaminany sandoka, izay mankao aminareo amin'ny fitafian'ny ondry, fa ao anatiny dia amboadia mitoha izy. Ny voany no hahafantaranareo azy.** Manoty voaloboka amin'ny tsilo va ny olona, na aviavy amin'ny songosongo ? Dia toy izany, **ny hazo tsara rehetra dia mamoa voa tsara; fa ny hazo ratsy dia mamoa voa ratsy. Ny hazo tsara tsy mety mamoa voa ratsy, ary ny hazo ratsy tsy mety mamoa voa tsara.»** (*Matio 7, 15-18*) Ary koa, raha naniraka ny apostoly roa ambin'ny folo lahy Izy ka nanome toromarika ho azy ireo dia nampiomana hoe **«fa tsy misy afenina izay tsy haseho, na takona izay tsy ho fantatra... Ary aza matahotra izay mamono ny tena, nefa tsy mahay mamono ny fanahy; fa aleo matahotra Izay mahay mahavery ny fanahy sy ny tena ao amin'ny helo.»** (*Matio 10, 26,28*)

Hamafisin'ny tenin'Andriamanitra voalaza ao amin'ny Deuteronomia 5 ny maha «saro-piaro an'Andriamanitra amin'ny maha Andriamanitra Azy». Ny takian'Andriamanitra voalohany amintsika dia ny fitiavana Azy tahaka ny itiavany antsika, ka endriky ny fanehoam-pitiavana Azy dia ny fitandremana ny didiny. **«Aoka ho fantatrareo fa ny TOMPO Andriamanitrareo no hany Andriamanitra tena Izy. Mitandro ny fanekempihavanany sy ny fitiavany hatramin'ny taranaka faharivo Izy amin'izay tia Azy**

sy mitandrana ny didiny; fa an-karihary sady tsy an-kitaredretra kosa no amaliany sy andringanany an'izay mankahala Azy.» Deuteronomia 7.10.

Raha miteny ny didin'Andriamanitra isika dia mahatsiaro avy hatrany ny resaka nifanaovan'ny Tompo Jesoa Kristy tamin'ny Fariseo iray nanatona Azy, araka ny Matio 22. 36-40: « Mpampianatra o, inona no didy lehibe indrindra ao amin'ny lalana? Dia hoy i Jesoa taminy: Tiavo ny Tompo Andriamanitrao amin'ny fonao manontolo, amin'ny fanahinao manontolo, ary amin'ny sainao manontolo. Izany no didy lehibe indrindra sady voalohany. Ary ny faharoa, izay tahaka ny voalohany ihany, dia izao: Tiavo ny namanao tahaka ny itiavanao ny tenanao. Ireo didy anankiroa ireo no ifaharan'ny lalanan'i Mosesy manontolo sy ny fampianaran'ny mpaminany. » Mazava tsara araka io valintenin'ny Tompo io fa **ny ifaharan'ny didy dia ny FITIAVANA. Miainga avy amin'ny fitiavana no hanaovana ny tsara mifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra**, fa tsy amin'ny fanarahan-dalàna ety ivelany fotsiny tahaka ny nataon'ireo Fariseo sy Mpahay lalàna niara-belona tamin'ny Tompo. Ilay tovolahy mpanankarena iray nanatona ny Tompo ka nanontany Azy: « Mpampianatra o, inona no tsara tokony hataoko hahavelona aina ahy mandrakizay? Dia hoy i Jesoa taminy: Nahoana Aho no anontaniana ny amin'izay tsara? Tokana no tsara tapitra ohatra. Raha te hiroso amin'ny fiainana kosa ianao, dia tandremo ny didy! » Matio 19. 16-17, te hanamarin-tena taorian'ny namalian'ny Tompo azy, kanefa nampian'ny Tompo hoe: « Raha te ho velona aina tanteraka ianao, ndeha amidio ny fanananao ka zarao amin'ny mahantra ny vidiny, dia hanana rakitra any an-danitra ianao; raha efa izany, dia avia hiaraka amiko! » and. 21. Fantatr'Andriamanitra tsara ny tsy fahatanterahantsika olombelona, ka mamindra fo lzy, dia araka ny voalazan'ny mpanao salamo hoe: «Mpamindra fo sy mpiantra ny TOMPO, tsy mora tezitra ary be fitiavana. Tsy mba mandevilevy lalandava Izy, tsy mitahiry fahatezerana mandrakizay. Tsy araka ny otantsika no anafaizany antsika, tsy araka ny helotsika no amaliany antsika. Fa tahaka ny haavon'ny lanitra ambonin'ny tany no haben'ny fitiavany amin'izay manaja Azy; tahaka ny halavitry ny atsinanana amin'ny andrefana no hampanalavirany amintsika ny hadisoantsika. Tahaka ny fangoraky ny ray an'ireo zanany no angorahan'ny TOMPO an'izay manaja Azy. Satria fantany ny namolavolana antsika, ka tsaroany tokoa fa vovoka isika. Toy ny ahitra ny androm-piainan'ny olombelona, toy ny voninkazo eny an-tsaha ny famoniny: rehefa tsofin'ny rivotra izy, dia foana ka tsy mahalala azy intsony ny toerany. Fa ny fitiavan'ny Tompo kosa dia hatrizay ka ho mandrakizay amin'ireo olona manaja Azy; ary ny fahamarinany hihatra amin'ny taranaka mandimby, izay mitandro ny fanekem-pihavanany ka mahatsiaro hanatanteraka ny baikony.» Salamo 103. 9-18. Voalaza mazava tsara ao amin'io Salamo io fa tsy mihatra sy tsaroan'ny olona ny fitiavana sy ny famindrampon'Andriamanitra, raha tsy misy finiavana **hanaja Azy**. Hoy ny fahendren'ny razantsika Malagasy, na dia mbola tsy nahalala an'Andriamanitra marina akory aza izy ireo, hoe : «Aza manao an'Andriamanitra ho azoko am-po». Midika izany fa miseho ho mahalala loatra an'Andriamanitra ka manjary «mandidy mialoha an'Andriamanitra toy ny mpanotrika atody», na koa «manao an'Andriamanitra ho tsy misy ka mitsambiki-mikimpy». Fahendren'ny razana Malagasy izany, fa tsy mifanalavitra loatra ami'ny foto-pinoana ambaran'ny Soratra masina momba ny tokony ho fifandraisantsika olombelona amin'Andriamanitra. Ny fanajana an'Andriamanitra voalazan'ny mpanao salamo etsy aloha dia ny fametrahana elanelana tsy azo ihoarana amintsika sy Andriamanitra, ary fahatsiarovantena fa zava-boafary ihany isika. Hoy ny tenin'Andriamanitra momba izany, hoe : «Lozan'izay sahy manome tsiny ny mpanao azy, kanefa ny tenany dia siny tanimanga toy ny siny

tanimanga rehetra ihany! Ny tanimanga ve hanontany ny mpanefy azy hoe: ''Inona ity ataonao?'' na ny asa vitany hanao aminy hoe: ''Tsy mahay ianao !''» Isaia 45. 9. Ny fanajana an'Andriamanitra dia ny fahatsiarovana fa tsy irery isika no noharian'Andriamanitra, koa sitrak'Andriamanitra ny fiombonana mba « Ka mba hiray feo ianareo hiara-manome voninahitra an'Andriamanitra, Rain'i Jesoa Kristy Tompotsika» Romana 15, 6. Ara-tantara, hatrany am-boalohany dia nizara telo niavaka tsara ny «fanompoam-pivavahana»(leitorgia) nataon'ny mpino tamim-pifaliana.

❶ Ny tapany voalohany dia nantsoina hoe **Ny Fanompoan'ny Tenin'Andriamanitra («le Service de la Parole»)**. Nisy dingana telo narahina momba io, araka izao:

- **Fanatonana an'Andriamanitra**. Tonga manatona an'Andriamanitra isika, tsy miantso Azy toy ny jentilisa, fa manatona eo anatrehany ary mihaona aAminy amin'ny alalan'ny Teniny.

- **Fiaiken-keloka eo anatrehan'Andriamanitra sy fandraisana ny Famelan-keloka atolotr'Andriamanitra**. Hoy CALVIN hoe : «Ny fiaiken-keloka dia fanalahidy mamoha ny vavahadin'ny vavaka» (*La confession des péchés est une clé pour ouvrir la porte de la prière*).

- **Ny Tenin'Andriamanitra sy ny fampiorenanana ny finoana (la parole de Dieu et l'édification)**: Ny famakiana ny Soratra Masina sy ny fanambarana ny Tenin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny toriteny dia manery antsika mba hihaino an'Andriamanitra (nous impose le devoir d'écouter Dieu lui-même). Arahin'ny fanambaram-pinoana izany: raisin'ny finoantsika ho antsika ny tenim-pahasoavan'Andriamanitra sy ny famelan-keloka nomeny antsika (notre foi s'approprie les paroles de grâces et le pardon que Dieu nous accorde).

❷ Ny tapany faharoa dia antsoina hoe **Ny Fanompoana any amin'ny efitra ambony («Le Service de la Chambre haute»)**. Dingana fahefatra ao amin'ny fanompoam-pivavahana ny **fankalazana sy fiderana an'Andriamanitra amin'ny Fihirana sy ny vavaka** (louange et adoration par des cantiques et des prières). Nataon'ny Fiangonana voalohany ho ambony noho ny Toriteny io, fa «tokony ho be kokoa ny fotoana hitenenana amin'Andriamanitra noho ny fotoana hitenenana an'Andriamanitra» (*que l'on passe plus de temps pour parler à Dieu que pour parler de Dieu*) hoy izy ireo. Ny Dingana fahadimy amin'ny fanompoam-pivavahana dia **ny Fanasan'ny Tompo** izay fara-tampony amin'ny fankalazana sy fanomezam-boninahitra arahin'ny fiankohofana eo anatrehan'Andriamanitra (le point culminant du moment de louange et d'adoration).

❸ Ny tapany fahatelo amin'ny fanompoana an'Andriamanitra dia **Ny fiombonana amim-pirahalaliana (communion fraternelle)** vokatry ny Tenin'Andriamanitra, araka ny Hebreo 13, 16, hoe: « Aza hadinoina ny fanaovan-tsoa sy ny fifanampiana, fa sorona toy izany no sitrak'Andriamanitra ». Ao amin'io no hanatanterahana ny Rakitra sy ny Vavaka Fangatahana (prière d'intercession) iombonana amin'ny mpianakavin'ny finoana rehetra.

Ny fiainam-pifaliana amin'ny fanompoana an'Andriamanitra dia fanehoam-pankasitrahana noho ny fahasovanana rehetra nomena antsika. Hoy ny Hebreo 12, 28: «Aoka ary isika hahay misaotra an'Andriamanitra noho isika mandray Fanjakana tsy azo hozongozonina. Izany fahaiza-misaotra Azy izany dia aoka hasehontsika amin'ny

fanompoana sitrak'Andriamanitra, fanompoana ombam-panajana sy fahatahorana». Ny fanompoana sitrak'Andriamanitra dia atao ho Azy amin'ny fiainam-bavaka (esprit de piété), izany hoe fifikirana amin'Andriamanitra (attachement à Dieu), fahatahorana Azy (amin'ny heviny hoe fanomezam-boninahitra), fanoavana sy fanajana Azy tanteraka (respect et obéissance) ary fiankohofana amim-panentrentena eo anatrehan'Andriamanitra Tsitoha (révérence devant Dieu le Tout-Puissant).

8. **MIDERA:** Io no nandikantsika ny teny hebreo **HĀLĀL** **הלל**

Miverimberina ao amin'ny bokin'ny Salamo mandrakariJakoba va ny baiko hoe « Miderà », ary nolovantsika Kristiana fa fandre mandrakariva eo amin'ny fanompoam-pivavahana ny teny hoe « Haleloia », midika ara-bakiteny izany hoe « Derao ny Tompo (Jehovah) ». Ny « Haleloia » sy ny hoe « Amena » no azo lazaina fa teny ampiasaina amin'ny Fiangonana rehetra eran-tany, sy amin'ny antokom-pinoana rehetra (terme universel et œcuménique). Ao amin'ny Baiboly dikantenany malagasy mahazatra antsika, dia inenina (6) no ampiasàna ny matoantenany hoe « midera » rehefa ampiharina amin'Andriamanitra araka ny nahimpon'ny olona, ary in'efatra amby efapolo (44) ny baiko hoe « Miderà ». Ny mangataka, mifona, izany no mahazatra kokoa ny olona rehefa mitodika amin'Andriamanitra, fa tsy manavanana azy loatra ny midera. Tsaroana ny voasoratra ao amin'ny Epistiln'i Jakoba, hoe: « **Misy ory ve ianareo? Aoka izy hivavaka. Misy finaritra ve? Aoka izy ho velon-kira fiderana** » Jakoba 5. 13. Miovaova tokoa ny fiainana eto ambonin'ny tany, fa hoy ny voalazan'ny Mpitoriteny, hoe : « **Ny zava-drehetra dia samy misy vaninandro voatendry ho azy avy; ary samy manana ny fotoany avy ny raharaha rehetra eto ambonin'ny tany... Misy fotoana itomaniana ary misy fotoana ihomehezana; misy fotoana isentoana ary misy fotoana andihizana.** » Mpitoriteny 3. 1,4. Amin'ny fotoanan'ny fahoriana, dia mampirisika antsika hivavaka ny Tenin'Andriamanitra, izany hoe, hanankina ny fiainantsika amin'Andriamanitra ary haina amin'ny finoana. Fa amin'ny fotoam-pifaliana kosa, dia asaina manao hira fiderana ny olona. Ao amin'ny Soratra Masina, amin'ny Fanekena Taloha, ny nampiasana voalohany ny hoe « midera », na manao hira fiderana, dia tamin'ny nahaterahan'i Joda, zanaky Jakoba patriarka, izay razambe niavian'ny Tompo Mpamonjy antsika. Hoy ny voalazan'ny Genesisy 29. 35, hoe : « ». Tsara homarihana ihany ilay fiakaran'io andininy io, hoe « **nitsahatra tsy niteraka intsony izy** ». Joda no faran'ny zanak'i Lea, ilay vadin'i Jakoba azony noho ny famitahan'ny rafozany azy (cf. Genesisy 29. 25-27). Toa milaza izany, fa izay marina sy ankasitrahana ihany no mahatonga fiderana. Taorian'izany dia in-260 no nampiasana io teny hoe « midera » io, ary in-180 tamin'izany dia milaza mazava hoe « **manao hira fiderana** ». Rehefa akaiky ny fiderana, araka ny Soratra Masina, dia nanjary nomena ho andraikity ny Levita izay nofidiana manokana hanao fanompoana sy fisoronana ho an'Andriamanitra ny fiderana. **David a mpanjaka dia nanao fandaminana manokana sy nanome baiko hananganana antoko mtsy manana asa fa-tsy ny fiderana** . Toa santatry ny fisian'ny Antoko Mpihira (AMF) eo amin'ny Fiangonantsika aty aoriana izany. Hitantsika ao amin'ny 1 Tantara 23. 3-6 io : « . Natao fanisana tsirairay ireo vatan-dehilahy levita, hatramin'ny telopolo taona noho miakatra, ka 38 000 no isany. Ary hoy i David hoe: ny 24 000 amin'ireo hotonian'ny asa fanorenana ny tranon'ny TOMPO; ny enina arivo ho mpitantsoratra sy ho mpitsara, ny efatra arivo ho mpiandry varavarana; ary ny efatra arivo ho mpidera ny TOMPO amin'ny zava-maneno namboariko hiderana Azy.

Natsitokotokon'i Davida koa ny levita, araka ny ifandraisany amin'ireo zanakalahin'i Levy: dia i Gersona sy i Kehata ary i Merary. ». Efa voalaza mialoha ao ami,'ny 1 Tantara 16. 4-10 ny momba izany : «Nisy levita sasany notendren'i Davida ho amin'ny fanompoana teo anoloan'ny Vatamasin'ny TOMPO mba hampahatsiaro sy hidera ary hanome voninahitra ny TOMPO Andriamanitr'i Israely. I Asafa no filohany, ary i Zakaria no lefitra. I Jahaziela sy i Semiramota, i Jehiela sy i Matitia, i Eliaba sy i Benaia ary i Hobeda-Edoma sy i Jehiela no nitendry ny valiha sy ny lokanga; fa i Asafa no nively ny kipantsona. I Benaia sy i Elihezera mpisorona kosa no mpitsoka ny trompetra mandrakariva eo anoloan'ny Vatamasina mirakitra ny fanekem-pihavanan'Andriamanitra. Koa tamin'io andro io no voalohany nanendren'i Davida an'i Asafa sy ny namany hidera ny TOMPO. Midera ny TOMPO ianareo: ataovy antso avo ny lazany, ampahafantaro ny firenen-kafa ny asany lehibe ! Mihira ho Azy ary mankalaza Azy amin-java-maneno; tantarao ny asa mahagaga rehetra nataony. Ireharehao ny anarany masina; aoka hifaly ny fon'ireo mitady ny TOMPO.» **Mariky ny fifaliana sy ny fankasitrahana an'Andriamanitra ny Fiderana. Ny olona mahatsiaro ny zava-dehibe nataon'Andriamanitra tamin'ny, dia tsy afaka ny tsy hidera Azy.** Andininy maro ao amin'ny Salamo no mampahatsiaro antsika izany (cf. Salamo 21. 13; 22. 23; 28. 7; 30. 4; 33. 2; 50. 23; 57. 9; 63:3; 63. 5. **Ny tsy fahaizana midera an'Andriamanitra dia ma neho ny fahakelezan'ny finoana sy fahatokiana an'Andriamanitra.** Mampieritreritra ankehitriny, fa rehefa revo ao anatin'ny fahazarana isika, ka tsy mahatsiaro intsony ny asan'Andriamanitra, fa mitodika loatra amin'ny tenantsika, dia tsy mahay midera intsony. **Tsarovy ary saintsaino, fa ny fomba amam-panao samihafa eo amin'ny Fiangonana dia mandalo ihany, sy voafetra ety an-tany. Fa ny fiderana an'Andriamanitra dia hitohy tsy hanam-pahataperana hatrany an-danitra !**

9. **MAHATSIARO:** Io no nandikantsika ny teny hebreo hoe **JĀKĀR יָכָר**.

Miverina in-40 ao amin'ny baiboly Malagasy io teny io. Ny «mahatsiaro» dia tsy midika fotsiny hoe «mahatadidy», izany hoe asan'ny saina mamerina ao an'eritreritra indray ny zava-nitranga tany aloha, fa midika indrindra kosa hoe «mitandrana» (tenir compte de, mettre en valeur), mikarakara (prendre soin de). Didy faha-4 nasaina notandreman'ny Zanak'Israely sy ny mpino rehetra ny hoe «mahatsiarova ny andro Sabata», midika hoe «mitandrema andro iray ho fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra». **Ny fahatsiarovana, araka izany, dia milaza fankalazana, fanomezam-boninahitra. Midika ihany koa ny mahatsiaro hoe manana fahavelomana, misy aina** (cf. 2 Mpanjaka 4. 31). Hazo mamoa mialoha ny hazo rehetra ny amygdala; koa nomen'ny zanak'Israely anarana hoe «hazo mahatsiaro». Fahitana hitan'i Jeremia mpaminany ny ratsan'io hazo io, ary nentin'ny Tompo nampahafantatra azy fa «Ary nisy tenin'ny TOMPO tamiko nanontany hoe:-Inona no hitanao, ry Jeremia? Dia novaliako hoe:-Rantsam-paiso na hazo mahatsiaro no hitako.. Ary hoy ny TOMPO tamiko: -Nahita tsara ianao, fa hahatsiaro Aho mba hanatanteraka izay lazaiko» Jeremia 1. 11-12. Tahaka antsika Malagasy, ny hebreo dia manome dikan'ny anaran'olona iray miainga avy amin'ny zava-nitranga tamin'ny fotoana nahaterahany, na koa faniriana ataon'ny ray aman-dreniny ny amin'izay ho fiainany any aoriana. ZAKARIA, midika hoe «ny Tompo mahatsiaro», dia anaran'ny mpanjaka iray teo amin'ny fanjakan'Israely, zanak'i Jeroboama (2 Mpanjaka 14. 29); Levita maromaro (1 Tantara 9. 21 ; 15. 18, 20, 24; mpaminany maro, fa indrindra Zakaria mpaminany tany amin'ny fahababoana tany Babylona sy taoria'ny nodian'ny

Zanak'Israely indray. **Manome toky ny olony Andriamanitra fa mahatsiaro azy foana, na dia ao anatin'ny fahoriana aza izy ireo.** Mampitandrina koa izy kanefa, fa raha mania ny olona, ilay Andriamanitra fitiavana dia mahatsiaro ka mitarika azy ireo hibe-baka. Mitaiza azy ary manafay tahaka ny fitaizan'ny ray ny zanany (cf. *Hebreo 12. 5,7,11*). Tsy kisendrasendra akory raha toa ka ny anaran'ny rain'ilay mpaminany nialoha lalana ny Tompo dia Zakaria. Fantantsika ny nanjo azy noho ny fisalasalany ka tsy ninoany avy ny tenin'Andriamanitra nambara taminy. **Fahavalon'ny fahatsiarovana ny fanadinoana**, satria hoy ny Soratra masina hoe «**. Ny fitiavana ve hotantaraina any amin'ny maty ary ny fahamarinanao ho visavisaina any amin'ny toeram-pahaverezana? » Salamo 88. 12. Fonenan'ny maty ny fanadinoana. Ny maty no tsy mahay mahatsiaro intsony, ary ny maty fanahy no manalavitra an'Andriamanitra fa tsy mahatsiaro Azy.**

10. MIANTSO AMIN'NY ANARANA (NOMMER): Io no nandikantsika ny teny hebreo hoe **KĀNĀH כָּנָה**

Sarobidy **fa milaza fisiana ny anarana.** Teo amin'ny tantaran'ny Fahariana, araka ny *Genesisy 2. 19,20*, nomen'i Adama anarana ny zava-boary teo anatrehan'ny ka izany no niantsoana azy ireo. Santatry ny Fomba fanao taty aoriana izany, fa **ny fanehoam-pisiana sy fahalalana, ka asa voalohany ara-tsiansa atao raha vao misy zava-baovao hita na noforonina, dia ny fanomezana azy anarana.** Rehefa manana anarana dia milaza izany fa misy izy. Arakaraka ny toetran'ilay omena anarana no niantsoana azy. Matetika ny anarana dia midika ho voninahitra. Koa sady tsy tonontononina foana ny anarana, no tsy ampiasampiasaina foana amin'ny tsy izy, fa manjary fanaovana tsinontsinona ilay tompon'anarana, sy fisolokiana azy, ny fanononam-poana ny anarany. Izany no nanomezan'Andriamanitra ny olona ny Didy faha-3: « **Aza manonom-poana ny anarako ianao fa Izaho TOMPO Andriamanitrao dia mitana ho meloka izay manao toy izany » Eksodosy 20. 7. Ny fanomezana anarana koa manko, dia maneho fandraisana ho fananana (appropriation).** Maneho ny fifankahalana tsara sy ny fifaneraserana akaiky izany (familiarité), ka ny **miantso amin'ny anarana**, na ny **manonona ny anarana dia milaza ny fahafantarana tsara ilay antsoina ary toa maneho ny fahambonian'ilay miantso na manonona ny anarana eo anoloan'ilay antsoiny.** Hoy ny Tompo Andriamanitra nanome toky fa efa nanavotra ny olony izy, hoe: « **Ankehitriny kosa izao no lazain'ny TOMPO Izay nahary anao, ry firenen'i Jakoba sy namorona anao, ry vahoaka Israely: 'Aza matahotra ianao, fa efa navotako; ny anaranao no efa niantsoako anao, ka Ahy ianao. » Isaia 43. 1.** Raha lazaina amin'ny Fomba fiteny hafa, ny miantso amin'ny anarana, na manonona ny anarana, dia **fanehoana fahefana eo anoloan'ilay tononina sy antsoina.** Fa ny anarana no manome antoka (garantie) momba ilay tompon'anarana. Tsy miova izy, fa maharitra ho anizay matoky Azy: «**Eny, lalana atorony ny didim-pitsaranao no anantenany Anao, TOMPO o. Ny hanonona ny anaranao sy hahatsiaro Anao no hetahetam-ponay » Isaia 26. 8.** Ho antsika mino, ny fiantsoana ny anarana dia milaza ny fanehoam-pitokisana (confidence), ka manjary tsy mampisalasalana eo amin'ny fifampiraharahana hanao asa. Mampahatsiaro antsika ny fiantsoan'Andriamanitra ireo olona hanompo Azy izany. Tsy olonolom-poana izay antsoin'Andriamanitra amin'ny anarany, fa itokisan'Andriamanitra ary tsy misalasalana izy hanome andraikitra azy. Isika olombelona kanefa, tsy mba azo itokisana, rah any tenantsika ihany, fa mora miovaova. Rehefa alavon'i Satana ao anatin'ny fitiavantena isika, dia tsy mahalala ny tokony hatao marina fa mivaona. Ny faniavanantsika, kanefa, tsy mahatonga fahavoazana ho an'ny tenantsika manokana fotsiny ihany, fa ho an'ny manodidina antsika koa, ny

fiaraha-monina misy antsika. Mamindra fo sy miantra Andriamanitra. Saro-piaro amin'ny «anarany» izy, ka tsy mamela ny ratsy hahazo vahana. Mamonjy sy manavotra ary manarina ny mpanompony lavo izy, raha toa ka mahatsiaro hitodika sy hiverina Aminy ireo. Fa hoy indrindra izy hoe: «**Mety hampikatona ny lanitra Aho ka tsy hisy ranonorana latsaka, mety hibaiko ny valala handrava ny tany Aho, na mety handefa areti-mandringana hamely ny vahoakako.** kanefa raha amin'izay no avy hanetry tena ny vahoakako izay iantsoana ny anarako, ka hivavaka sy hitady Ahy ary hiala amin'ny toedratsy, dia hihaino avy any an-danitra Aho ka hamela ny fahotany ary hahasitrana ny taniny. Ankehitriny no ijeran'ny masoko ary ihainoan'ny sofiko ny vavaka izay atao eto amin'ity toerana ity » 2 Tantara 7. 13-15.

Anaram-panesoana, «**KRISTIANA**», no nomena hiantsoana ny mino sy manaraka an'i Kristy tany am-boalohany (cf. Asan'ny Apostoly 11. 26). Tsy tian'ny olona sarotim-boninahitra izany anarana izany (cf. Asan'ny Apostoly 26. 28). Fa tonga reharehantsika kosa izany taty aoriana. **Koa ny fiantsoana antsika amin'ny anarana hoe Kristiana, dia maneho ny fimbonana amin'ny Tompo Jesoa Tompon'ny anarana, nefa koa mitaky andraikitra fijoroana ho vavolombelona, sy fitoriana ny Filazantsara,** fa hoy Petera hoe : « Eny, aoka aminareo tsy hisy hijaly satria mpamono olona, na mpangalatra, na mpanao ratsy, na mpitsabaka amin'ny raharahan'olona; fa raha amin'ny maha kristianina azy no ijaliany, dia aoka izy tsy ho menatra fa hanome voninahitra an'Andriamanitra noho izany anarana entiny izany. » 1 Petera 4. 15-16

FEHINY:

Fanambarana mivantana noraisiny ireo, koa zarainay aminareo. Mahagaga fa tany am-boalohany dia fito (7) ihany izy ireo. Fa tato aoriana dia nisy tsindrimandry manokana indray, ary nanjary nofenoina ho folo (toy ny Didy folo ?). Ny isa feno kanefa, araka ny Soratra masina, dia nyroa ambinifolo (12). Inona ireo roa ambiny mbola tsy voalaza ? Matoky izahay fa mbola hambaranny Tompo izany.

Ho Azy irery ihany anie ny voninahitra!

BETHLEHEM, novembre 2015; BRÉTIGNY SUR ORGE, janvier 2016

© Rev. Dr Jean A. RAVALITERA